R. M.




# IZAHO RANAVALOMANJAKA,

NOHO NY FAHASOAVAN' ANDRIAMANITRA SY NY SITRAPONY NY VAHOAKA, MPANJAKA NY MADAGASCAR SY MPIARO NY LALANY NY TANIKO.

EFA nanao fanaikena tamy ny havako any an-dafiny ny ranomasina mba tsy hisy olona vaovao avy any an-dafiny ny ranomasina hiditra hatao andevo eto amy ny fanjakako. Koa noho izany, Izaho MANDIDY: fa na iza na iza Masombika vaovao tonga eto amy ny fanjakako hatramy ny 6 Alahasaty, *(7 June)*, ny taonany ny Tompo 1865, nahavitany ny fanaikena tamy ny havako any an-dafiny ny ranomasina, dia ataoko isany ny Ambani-andro fa tsy andevo izy; ka raha te-hitoetra eto Madagascar izy, dia mahazo mitoetra ho isany ny Ambani-andro; ary raha te-hiverina any an-dafiny ny ranomasina nihaviany izy, dia mahazo mandeha.

ARY raha misy olona hita marina, fa manafina Masombika vaovao izy ho andevozina, ka tsy mandefa azy ho isany ny Ambani-andro araky ny DIDIKO, dia ataoko gadra-lava folo-taona izy.

HOY

RANAVALOMANJAKA,

MPANJAKA NY MADAGASCAR,

&c., &c., &c.

*Tenind-*RANAVALOMANJAKA *Mpanjaka ny Madagascar tokoa io teny io.*

HOY

RAINILAIARIVONY,

PRIME MINISTER SY COMMANDER IN CHIEF AMY NY MADAGASCAR, &c., &c., &c.

*ANTANANARIVO, 22 ADALO, (2 OCTOBER),* 1874.

HOHASOAVIN' ANDRIAMANITRA ANIE NY ANDRIAMANJAKA.

*Notontaina tamy ny Presy ny Mpanjaka ny Madagascar, ao Anati-rova.*

...py.
...anslation. J.

Proclamation of the Queen of Madagascar ... Mozambique Slaves ... 27 ...



Queen Ranavalona, by the Grace of God and the will of the People, Queen of Madagascar and Defender of the Law of My Land.

---

I have made a Treaty with My Friends across the Sea, that no new people shall be introduced into My Kingdom from beyond the Sea in order to be reduced to Slavery.

Wherefore I command, that whatever new Mozambiques have been introduced into My Kingdom since the 7th of June in the year of Our Lord 1865 when I finished the Treaty with My friends across the Sea, shall

be

be no longer Slaves, but be reckoned amongst the number of my free Subjects.

Wherefore, if they elect to remain here in Madagascar they shall be permitted to remain and be reckoned + amongst the number of my free Subjects and, if they desire to return across the Sea whence they came they may do so.

And if any are clearly seen to be concealing newly introduced Mozambiques as Slaves and refuse to free them and to allow them to be reckoned amongst our free Subjects, + according to my Command,

I shall put them in chains for ten years.

Saith.

Queen Ranavalona Queen of Madagascar.

Saith Rainilaiarivony Prime Minister and Commander in Chief of Madagascar.

Tananarivo, October 2. 1874.